REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Fametrahana ny vato fototry ny Havoria sy ny mozea lehibe hirakitra ny tantaran'ny haino aman-jerim-panjakana

Tontosa androany 27 oktobra 2021 teo amin'ny tokontaniben'ny ORTM Anosy ny fametrahana ny vato fototry ny HAVORIA na ilay "Auditorium" sy ny mozea lehibe hirakitra ny tantaran'ny haino aman-jerim-panjakana hatramin'ny niforonany tamin'ny taona 1931. Nosafidiana manokana ity toerana ity noho izy vavolombelon'ny tantara sy ireo tranga sy fotoan-dehibe rehetra nanamarika ny tantaran'ny firenena sy ny Repoblika.

"Niaina ny ankaso ity tranon'ny ORTM ity. Nisy nanimba, nisy nandoro, nisy nandroba ary lasa lavenona mihitsy aza ny ampahany. Ary tonga eto isika androany hanarina, hanangana ary hanorina fotodrafitrasa lehibe sy goavana eto amin'ity toerana ity", hoy ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA. Nohamafisiny ihany koa fa ny fitondram-panjakana ankehitriny dia manome lanja manokana ny kolontsaina Malagasy sy ny fampiroboroboana ny sehatry ny serasera ary natao laharam-pahamehana mihitsy izany araka izay voarakitra ao amin'ny velirano faha efatra natao tamin'ny vahoaka Malagasy.

Adidin'ny haino aman-jery sy ny mpanao gazety ny manao fanentanana ho an'ny vahoaka, indrindra amin'ny fanabeazana mba hananana olom-pirenena vanona ka hampiova ny toe-tsain'ny tsirairay hanaja sy hiaro ny Soatoavina Malagasy. ''Saro-pady loatra ny haino aman-jery sy ny fampahalalam-baovao ary tokony ho matihanina ny fikirakirana azy, hoy ny Filoham-pirenena. Ary nampahatsiahiviny fa tsy tokony hatao fitaovana hanakorotanan-tsaina sy hambolena disadisa ny haino aman-jery.

Haranty ao amin'ity mozea ity ny fitaovana nampiasaina tao amin'ny haino aman-jerim-panjakana fahizay, miaraka amin'ny fampisehoana ireo horonan-tsary sy horonam-peo mirakitra ny tantaran'ny firenena. Hahazaka mpijery mipetraka miisa 700 ny Havoria, ary azo hanatanterahana ireo karazana seho lehibe rehetra satria manaraka ny fenitra iraisam-pirenena na ny fanamafisam-peo na ireo fitaovana samihafa.

Ny sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
27-10-2021